



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**NY FANORENANA INDRAY NY TEMPOLY -
LA RECONSTRUCTION DU TEMPLE**

Alatsinainy 18 janoary 2021
Lundi 18 janvier 2021

**NY DIDY NAVOAKAN'I KYROSY (Ezra 1, 1 – 2, 2)
- L'EDIT DE CYRUS (Esdras 1, 1 – 2, 2)**

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :

« ... notairin'Ny TOMPO ny fanahin'i Kyrosy, mpanjakan'i Persia, mba hanatanteraka ny Tenin'Ny TOMPO ... » (Ezra 1, 1) - « ... *l'Eternel réveilla l'esprit de Cyrus, roi de Perse, afin que s'accomplisse la Parole de l'Eternel ...* » (Esdras 1, 1).

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Teny fampidirana – Introduction

Hira (Chant) FF47, 1-2 : Fiadanana :

1. Ianao izay mitady ny fiadanan-tsoa amin'izao fiainana izao
Ka mandeha mankatsy, ary sy aroa : mikorana ary koa milalao
Kanefa tsy mahita izay mahaso fa vizana foana ny nofo
Inty misy Fiainana atoroko anao : andramo dia ho hitanao.

Fiverenana :

I Jesosy, i Jesosy, (Jesosy Tompo sy Mpamonjy tia)

No Fiainana atoroko Anao (Jeso)

I Jesosy, i Jesosy, (Jesosy Tompo sy Mpamonjy tia)

No hany hampiadana anao.

Koa raiso i Jesosy ho Tompo Mpamonjy hanapaka ny fiainanao

Dia ho hitanao ilay Fiadanana haharitra ho mandrakizay.

2. Ianao ianjadiam-pahoria-marobe amin'izao fiainana izao

Tsy misy hazavana fo toa haizim-be no mandrakotra ny fiainanao
Ka mila ho kivy sy hamoy fo noho ireo adim-piainana maro
Inty misy Fiainana atoroko anao : andramo dia ho hitanao.

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : Ezra (Esdras) 1, 1-6 :

1 Ary tamin'ny taona voalohany nanjakan'i Kyrosy, mpanjakan'i Persia, dia notairin'Ny TOMPO ny fanahin'i Kyrosy, mpanjakan'i Persia, mba hanatanteraka ny Tenin'Ny TOMPO izay nampilazainy an'i Jeremia, ka dia nandefa teny eran'ny fanjakany rehetra izy, sady nataony an-tsoratra koa izany hoe : 2 Izao no lazain'i Kyrosy, mpanjakan'i Persia : Ny fanjakana rehetra ambonin'ny tany dia efa nomen'Ny TOMPO, Andriamanitra ny lanitra, ahy. Ary Izy efa nandidy ahy hanao Trano ho Azy any Jerosalema izay any Joda. 3 Koa iza avy moa aminareo rehetra no olony ? : Andriamaniny anie homba azy, fa aoka hiakatra any Jerosalema izay any Joda izy ka hanao ny Tranon'Ny TOMPO, Andriamanitra ny Isiraely, Izy no Andriamanitra izay any Jerosalema. 4 Ary na iza na iza sisa tratra, dia aoka ny tompon-tany ao amin'izay ivahiniany hanome azy volafotsy sy volamena sy fanaka ary biby fiompy mbamin'ny fanati-tsitrabo ho an'ny Tranon'Andriamanitra, izay any Jerosalema.

1 La première année du règne de Cyrus sur la Perse, l'Eternel réveilla l'esprit de Cyrus, roi de Perse, afin que s'accomplisse la Parole de l'Eternel prononcée par la bouche de Jérémie, et il fit faire de vive voix, et même par écrit, la proclamation que voici dans tout son royaume : 2 « Voici ce que dit Cyrus, roi de Perse : L'Eternel, le Dieu du ciel, m'a donné tous les royaumes de la terre et m'a désigné pour Lui construire un Temple à Jérusalem, en Juda. 3 Qui parmi vous fait partie de son peuple ? : Que son Dieu soit avec lui et qu'il monte à Jérusalem, en Juda, pour reconstruire la Maison de l'Eternel, le Dieu d'Israël ! C'est Lui, le Dieu qui réside à Jérusalem. 4 Partout où s'est installé le reste du peuple de l'Eternel, les habitants de l'endroit lui donneront de l'argent, de l'or, du matériel et du bétail, avec des offrandes volontaires pour la maison de Dieu à Jérusalem ».

5 Dia niainga ny lohan'ny firenen'i Joda sy Benjamina sy ny mpisorona sy ny Levita, dia izay rehetra efa namporisihin'Andriamanitra hiakatra hanao ny Tranon'Ny TOMPO any Jerosalema. 6 Ary izay rehetra manodidina dia nampahery ny tanan'ireo tamin'ny fanaka volafotsy sy volamena sy fanaka hafa sy biby fiompy ary zava-tsoa mbamin'izay rehetra nateriny tamin'ny sitrapo.

5 Les chefs de famille de Juda et de Benjamin, les prêtres et les Lévites, tous ceux dont Dieu réveilla l'esprit, se levèrent pour aller reconstruire la Maison de l'Eternel à Jérusalem. 6 Tous leurs voisins leur donnèrent des objets en argent, de l'or, du matériel, du bétail et des choses de valeur, en plus de toutes les offrandes volontaires.

Fanamarihana 1 – Remarques 1

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Evry-Fitiavana, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, La Réunion, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana

- ho an'ny mpitondra antsika - *pour nos dirigeants*
- ho an'ny mpitandrina – *pour les pasteurs*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 354, 1 sy 3 : Ny Mpamonjy no mitady fihavanana aminao :

1. Ny Mpamonjy no mitady Fihavanana aminao
Izy no manambitamby hanatonanao izao.
Sao manjary fandatsana ny fifonana aminao,
Ka ny mety mihavana amin'ny Mpamonjy izao.
3. Sao ity no toriteny fara-fanasana anao ?
Sao anio no fotoana fara-ahavelomanao ?
Ka aza mba misalasala sao manjary neninao,
Raha tsy mety mahalala izao fotoana mety izao.

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : Ezra (Esdras) 1, 7-11 :

7 Dia navoak'i Kyrosy mpanjaka ny fanaky ny Tranon'Ny TOMPO, izay efa nalain'i Nebokadneзара tany Jerosalema ka efa nataony tao an-tranon'ireo andriamaniny. 8 Ary Mitredata, mpitahiry ny haren'ny fanjakana, dia nasain'i Kyrosy, mpanjakan'i Persia, namoaka ireny, ka nisainy sady natolony an'i Sesbazara, lehiben'ny firenen'i Joda. 9 Ary izao no isany : Lovia volamena telo-polo, lovia volafotsy arivo, antsy sivy amby roa-polo, 10 kapoaka volamena misarona telo-polo, lovia volafotsy manarakaraka folo amby efa-jato, ary lovia hafa koa arivo. 11 Efa-jato amby dimy arivo no isan'ny fanaka volamena sy volafotsy rehetra. Ireo rehetra ireo dia nentin'i Sesbazara niaraka nankany Jerosalema tamin'ny babo izay niverina avy tany Babylona.

7 Le roi Cyrus rendit les ustensiles de la Maison de l'Eternel que Nebucadnetsar avait amenés de Jérusalem et placés dans le temple de son dieu. 8 Cyrus, roi de Perse, les rendit par l'intermédiaire de Mithredath, le trésorier, qui en fit le compte pour Sheshbatsar, le prince de Juda. 9 En voici la liste : 30 bassins en or, 1000 bassins en argent, 29 couteaux, 10 30 coupes en or, 410 coupes en argent de valeur secondaire et 1000 autres ustensiles. 11 Le nombre total d'objets en or et en argent était de 5400. Tout cela, Sheshbatsar le ramena de Babylone à Jérusalem avec ceux qui revenaient d'exil.

Fanamarihana 2 – Remarques 2

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny ankohonantsika - *pour nos familles*
- ho an'ny Fiangonana – *pour l'Eglise*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) FF 19, 1 sy 3 : Raha i Jehovah no Mpiandry :

1. Raha Jehovah no Mpiandry :
Tsy mba hisy mampahory,
Ahi-maitso no handriana.
Ny fanahy velombelona
Eny, tsy hanahy akory
Lala-marina itondrany
Lalan-tsambatra (Sambatra ifaliana).

Fiverenana :

Raha Jehovah no Mpiandry (Tsy mba hisy) :
Tsy mba misy izay mampahory
Ahi-maitso no handriako (Ranon'aina hosotroiko),
Ranon'aina hosotroiko.
Ny fanahiko hovelominy (Miasa izy)
Miasa lzy tsy mba matory
Lala-marina itondrany
Tsy ho foiko.

3. Eo imasom-pahavalo :
Ny latabatro velariny,
Diloilo feno hanitra (Efa namontosany ahy).
Safononoka tantely
Ny kapoakako namboariny
Fahasoavana no sisa
Afaka ahiahy (Afaka ahiahy).

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Ezra (Esdras) 2, 1-2 :

1 Ary izao no olona amin'izany tany izany izay niakatra avy amin'ny fahababoana, izay nobaboin'i Nebokadnezara, mpanjakan'i Babylona, ka nentiny ho any Babylona, ary niverina ho any Jerosalema sy Joda, samy ho any an-tanàny avy, 2 dia ny olona izay niaraka tamin'i Zerobabela sy Jesoa sy Nehemia sy Seraia sy Relaia sy Mordekay sy Bilsana sy Mispara sy Bigvay sy Rehoma ary Bana. Ary ny isan'ny lehilahy tamin'ny Isiraely dia izao :

1 Voici les habitants de la province de Juda revenus de déportation, ceux que Nebucadnetsar, le roi de Babylone, avait exilés à Babylone et qui retournèrent à Jérusalem et en Juda, chacun dans sa ville. 2 Ils revinrent avec Zorobabel, Josué, Néhémie, Seraja, Reélaja, Mardochée, Bilshan, Mispar, Bigvai, Rehum et Baana. Voici la liste des hommes du peuple d'Israël :

Fanamarihana 3 – Remarques 3

Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Evry-Fitiavana, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, La Réunion, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mana-manjo - *pour les endeuillés*
- ho an'ireo izay ao anatin'ny adin-tsaina – *pour ceux qui sont tourmentés par des problèmes*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 426, 1-2 : Nanatona Anao, Mpanavotra ô :

1. Nanatona Anao, Mpanavotra ô, ny olo-mahantra fahiny.
Ny rofiny be, ny senton'ny fo, naneho fa soa no niriany.
Tsy nety ho sasatra lanao, tsy nisy nolavina akory,
Fa samy nandray ny indrafonao, ka ravo ny olona ory.
2. Manatona Anao, ry be indrafo, ny olo-mahantra anio,
Fa be siasia sy reraka am-po, ka raisonao ankehitrion !
Ny maty omeo aina vaovao, ny sasatra ampiadano,
Ny masonay jamba mba hazavao, ny rofin'ny fonay sitrano.

FANDRAVONANA – CONCLUSION :

Teksta – Texte : Jer. 25, 4-14 :

4 Ary Ny TOMPO naniraka ny mpaminany mpanompony rehetra ho any aminareo, eny, nifoha maraina koa Izy ka naniraka nefa tsy nihaino ianareo, na nanongilan-tsofina hihaino hoe : 5 « Samia miala amin' ny lalan-dratsinareo avy ianareo sy amin' ny ratsy fanaonareo, ka dia honina any amin' ny tany izay nomen'Ny TOMPO anareo sy ny razanareo hatrizay ka ho mandrakizay. 6 Ary aza manaraka andriamani-kafa hanompo azy sy hiankohoka eo anatrehany, ary aza mampahatezitra Ahy amin'ny asan'ny tananareo, fandrao hahatonga loza aminareo Aho. 7 Nefa tsy nihaino Ahy hianareo, hoy Ny TOMPO, mba hampahatezeranareo Ahy tamin'ny asan'ny tananareo hahitanareo loza ».

4 L'Eternel vous a envoyé tous ses serviteurs, les prophètes. Il les a envoyés, inlassablement, mais vous n'avez pas écouté, vous n'avez pas tendu l'oreille pour écouter. 5 Ils disaient: 'Que chacun renonce donc à sa mauvaise conduite et à la méchanceté de ses agissements ! Ainsi vous pourrez habiter sur la terre que l'Eternel vous a donnée, à vous et à vos ancêtres, depuis toujours et pour toujours. 6 Ne suivez pas d'autres dieux pour les servir et pour vous prosterner devant eux, ne m'irritez pas par votre manière d'agir, et je ne vous ferai aucun mal'. 7 Mais vous ne m'avez pas écouté, déclare l'Eternel, de sorte que vous m'avez irrité par votre manière d'agir, et ce pour votre malheur.

8 Koa izao no lazain'Ny TOMPO, Tompon'ny maro : « Noho ny tsy nihainoanareo ny teniko, 9 dia, indro, hampanalaiko ny firenena rehetra any Avaratra sy Nebokadnezara, mpanjakan'i Babylona, mpanompoko, hoy Ny TOMPO, ary ho entiko hamely ity tany ity

sy ny mponina eto mbamin'ireto firenena manodidina rehetra ireto izy, ary haringako tokoa ireo ka hataoko ho figagana sy zavatra mampisitrisitra sady ho rava mandrakizay. 10 Ary hatsahatro eo aminy ny feo mifaly sy ny feo miravoravo, dia ny feon'ny mpampakatra sy ny feon'ny ampakarina, ny feon'ny vato fikosoham-bary ary ny fahazavan'ny jiro. 11 Ary ity tany rehetra ity dia ho foana sy lao, ary ireto firenena rehetra ireto hanompo ny mpanjakan'i Babylona fito-polo taona.

8 C'est pourquoi, voici ce que dit l'Eternel, le maître de l'univers: Puisque vous n'avez pas écouté mes paroles, 9 je vais prendre et envoyer tous les peuples du nord, déclare l'Eternel, ainsi que mon serviteur Nebucadnetsar, roi de Babylone; je vais les faire venir contre ce pays, contre ses habitants et contre toutes les nations qui l'entourent. Je vais les vouer à la destruction et faire d'eux un sujet de consternation et de moquerie; il n'en restera que des ruines, et ce pour toujours. 10 Je ferai disparaître de chez eux les cris de réjouissance et de joie, les chants du fiancé et de la fiancée, le bruit de la meule et la lumière de la lampe. 11 Tout ce pays deviendra une ruine, un endroit dévasté, et ces nations seront esclaves du roi de Babylone pendant 70 ans.

12 Ary rehefa tapitra ny fito-polo taona, hoy Ny TOMPO, dia hovaliako kosa ny mpanjakan'i Babylona sy izany firenena izany noho ny helony, ary ny tanin'ny Kaldeana koa dia hataoko rava mandrakizay. 13 Ary hotoviko amin'izany tany izany ny Teniko rehetra, izay efa nambarako hamelezana azy, dia izay rehetra voasoratra ato amin'ity boky ity, izay novinanian'i Jeremia hamely ny firenena rehetra. 14 Fa ireo kosa indray dia hampanompoin'ny firenena maro sy ny mpanjaka lehibe, ary hovaliako araka ny ataony sy araka ny asan'ny tanany avy izy. Amen !

12 Cependant, lorsque ces 70 ans seront passés, j'interviendrai contre le roi de Babylone et contre son peuple à cause de leurs fautes, déclare l'Eternel, j'interviendrai contre le pays des Babyloniens et j'en ferai un désert pour toujours. 13 Je ferai venir sur ce pays tout ce que j'ai annoncé sur lui, tout ce qui est écrit dans ce livre, ce que Jérémie a prophétisé sur toutes les nations. 14 En effet, des nations puissantes et de grands rois feront d'eux aussi leurs esclaves et je les traiterai conformément à leurs actes et à leur manière d'agir ». Amen !

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,
Que ton Nom soit sanctifié,
Que ton Règne vienne,
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.*

Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.

Et ne nous soumet pas à la tentation mais délivre-nous du mal.

Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !

Tso-drano - Bénédiction : Nom. 6, 24-26 :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !

Hampamirapiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa Grâce !

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la Paix !

Fanirahana - Envoi :

Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fifaliana.

Fiangonana – Assemblée :

Isaorana anie Andriamanitra - *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie. Gloire soit rendue à Dieu.*

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !